



VOVONAM-PIRENENA KATOLIKAN'NY TANORA  
FEDERATION NATIONALE CATHOLIQUE DES JEUNES

Lor IVG 199- BP 667 Immeuble CNPC Porte 21

101- ANTANANARIVO – MADAGASIKARA

Tel : +261 34.90 317 15 / +261 34 43 095 12

e-mail : vpktmada@yahoo.fr

« Ry zatovo, izaho madidy anao : mitsangana ! » (Lc 7,14)

SON ÉMINENCE  
SON EXCELLENCE  
MPIKAMBANA AO AMIN'NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA  
MADAGASIKAR

Ho fanohizana sy fampiharana ny taratasy fanentanana Apostolika LAUDATO-SI, ny taona 2015, dia miantso ny Kristianina sy ny olona tsara sitra-po rehetra ny Papa François, ary nanokana ny volana SEPTAMBRA 2020 ho LOHATAONAN'NY FAHARIANA (SAISON DE LA CREATION), manomboka ny 01 Septambra 2020 « Journée mondiale de prière pour la sauvegarde de la Création » ka hatramin'ny 04 Oktobra 2020, fetin'i Md François d'Assise.

Izabay mpiandraikitra ny Vovonam-pirenena Katolikan'ny Tanora (VPKT), na dia mbola ao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana aza ny firenentsika, dia mangataka aminareo FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA mba hanao izay hetsika azo atao mifanaraka amin'izany fanentanana'ny Papa izany sy ny hamehana ara-pahasalamana, ary mampahafantatra anareo amin'ny alalan'ny CEPAL mpiahy ny asa pastoralin'ny lahika, ireto hetsika ho tanterahina ireto :


- 1- VAVAKA : misy vavaka natokana ho an'io fotoam-pankalazana io, izay efa voadika amin'ny teny Malagasy, ka angatahana mba hataon'ny Tanora rehetra ary halefa amin'ny RADIO KATOLIKA manerana ny Nosy, araka izay fotoana maha-mety azy. Ny SORONA MASINA kosa dia samy hanao araka izay mahamety azy ny Pretra rehetra, indrindra ny 01 Septambra 2020 sy ny 04 Oktobra 2020.
- 2- FAMELABELARAN-KEVITRA hampitain-davitra : ho arahana amin'ny tambajotram-pifandraisana.
- 3- FAMPIRATIANA : hetsika na zavatra natao hiarovana ny tranobe iombonana, alefa amin'ny tambajotram-pifandraisana.
- 4- FIFANINANA : Hira na dihy maneho fiarovana ny tontolo iainana, alefa amin'ny tambajotram-pifandraisana.

Izao fangatahana izao dia ataonay amin'ny alalan'ny EVEKA FILOHAN'NY CEPAL, ary halefa amin'ny Eveka rehetra rehefa nahazo ny fankatoavana avy amin'ny CEPAL.

Eto am-pamaranana dia manantena ny fiaraha-mientana avy aminareo ary mitondra anareo am-bavaka mandrakariva hanana fahasalamana eo ampiatrehana izao fotoan-tsaroitra diavintsika izao.

MPIANDRAIKITRA NY VPKT

  
MOMPERA AUMONIER

  
P. RATOVONJANAHARY Jean Luc



EVEKA FILOHAN'NY CEPAL

  
\*Mgr RAZAKARIVONY Fulgence ms

\*Mgr RAKOTONARIVO Fidélis sj

